



***Hisy hafaliana lehibe any an-danitra amin'ny
mpanota iray mibebaka***

Ry kristianina havana, raha Alahady maromaro izay no nandalinantsika sy nibanjinantsika fa raha te ho anisan'ny fianakaviamben'Andriamanitra, Fratelli Tutti, Mpiray tampo ao amin'ny Tompo, raha te-ho Olo araiky Isika Jiaby ao amin'ny Trinite masina dia tsy maintsy miditra amin'ny varavarana tery, tsy maintsy misy fahafoizana. Tsy mandeha ho azy ny finoana, hoy isika, tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra izany ka io asan'ny fahasoavan'Andriamanitra io no tsy maintsy varavarana èty satria safidy no ataontsika ka mila fahafoizana. Tsy azo atao ny misabaka ka mitaky toe-panahy izany fahafoizana izany, mila fanetren-tena sy halemem-panahy ary fahatsorana lavitry ny fitsaraham-belatsihy izay heverin'ny maro ankehitriny "normaly". Tsy afenina koa fa eo anatrehan'ny hetraketrak'izao tontolo izao izay toa mahomby raha jerena ety ivelany dia misy fotoana mila ho kivy isika ka amin'izao Alahady faha-24 mandavantaona izao dia asongadin'ireo vakiteny amintsika fa Ray aman-dReny tsy mahafoy zanaka

tokoa Andriamanitra. Tsy Andriamanitra lavitra tokoa no Andriamanitsika fa Andriamanitra miara-dalana amintsika. Isika no be siasia ka te-handeha amin'ny varavarana malalaka any amin'ny fahaverezana ka manadino an'Andriamanitra fa izy kosa Ray be famindram-po. Izay no misongadina amin'izao vanim-potoan'ny Sinaody izao, manasa antsika na dia eo aza ny fahasahirana hibanjina ny ho avy anatin'ny fanantenana. Manomana antsika sahady amin'ny Taona Masin'ny Fanentanana amin'ny 2025 izao Sinaody ataontsika izao no

Vakiteny I: Eks. 32, 7-11. 13-14

Salamo : Sal. 50

Vakiteny II: 1 Tim. 1, 12-17

Evanjely : Lk. 15, 1-32

hanampy antsika hametraka mazava ny safidintska ka hiverina amin'Andriamanitra, hanokatra ny fontsika aminy, hitoetra eo an-tongotr'i Jesoa, hihaino ary handray ny fahendren'Andriamanitra. Izany hoe ho Fianakaviana Eglizy kely miara-mivavaka mandalim-pinoana.

Izany tokoa ry Krisitianina havana no matetika mahatonga antsika very lalana satria isika tsy mihaino an'i Jesoa, tsy manokatra ny fontsika amin'ny famindrampon'Andriamanitra, tsy mandray ny fampianaran'i Jesoa fa mirona amin'ny fampianarana diso fa indrindra entin'ity tamban-jotra sôsialy isan-karazany izay mahatonga antsika very fanahy mbola velona ka tsy mahita intsony ny lalan-kombana. Izany no mitranga araka ny voatantara ao amin'ny bokin'ny Eksaody (*Eks. 32, 7-11. 13-14*) : varimbariana tamin'ny fanaovana sarin'omby natao sampy ny vahoaka ka io no nivavahana. Matetika isika, toy izay mandray ny Tenin'Andriamanitra sy manompo azy sy mandray ny Tenin'i Jesoa, dia varimbariana manompo sampy izany hoe mahita andriamanitra hafa izay an'izao tontolo izao dia tsy inona fa ny vola, ny voninahitra sy ny vokatr'izany rehetra izany. Fantantsika koa ny tena vokatry ny fitadiavana vola, ny fitiavan-tena dia ny fahalavoana amin'ny herisetra sy ny lainga ary fitapitaka. Izany koa ny fakam-panahy nanjo an'ireo vahoaka tany an'efitra na dia nananatra aza Andriamanitra dia vahoaka mafy hatoka izy ireo. Matetika tsy mitsahatra ny mpaminany, ny Eglizy mampianatra sy manoro lalana antsika satria Reny ny Eglizy no mpaminany manambara ny sitrak'Andriamanitra amintsika tahaka nataon'i Moizy tany an'efitra fa ny vahoaka no mafy hatoka izany hoe ny sitrapontsika ihany no tiantsika ampiharina.

Io koa no niseho tamin'ny fanoharana nataon'i Jesoa henontsika tamin'ny Evanjely (*Lk. 15, 1-32*), fanoharan'ny zaza mpandany izay tahaka antsika tokoa mandany ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny tsy mety, potehintsika amin'ny tsy misy antony ny fiainantsika ka potika ny fontsika, vokatr'izay dia potehintsika ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy amin'ireo manodidina antsika. Andriamanitra anefa Ray be famindram-po, tsy mba mabitaka izy. Rehefa nitia hatramin'ny voalohany izy nahary antsika hitovy endrika aminy dia miandry ny fiverenantsika **izy**. Ny tena mahavariana arak'io fanoharana io dia Andriamanitra ilay Ray indray no faly raha niverina ny zanaka mpandany.

Ry Kristianina havana, izany no fankaherezana ho antsika, na dia manao akory ny fiainantsika, na dia lavo ao anatin'ny fahendren'izao tontolo izao isika tahaka an'ilay zaza mpandany dia mandray antsika anatin'ny hafaliana tokoa Andriamanitra raha miverina isika ary izy no mikarakara antsika. Izany no ampianariny antsika raha milaza amin'ny mpanampy izy manao hoe: "*Kiraroy ny tongony*"

Tsy iza ny mpanampy eto fa ny Eglizy, isika Kristianina, milaza amintsika Andriamanitra sy amin'ireo manodidina antsika fa tsy maintsy manana famindram-po isika, tsy maintsy manome hasina an'ireo manodidina antsika satria samy mpanota tsy mendrika isika ka mifanome hasina. Izany ny dikany hoe :"Asio kiraro ny tongony, asio peratra ny tanany, maty ity zanako ity ka velona indray". Isika izany no mameleona an'ireo manodidina antsika, manome hasina ao anatin'ny fifanajana. Marina fa eo ny mpialona izay misy eo akaikintsika tahaka an'ilay rahalahy zokin'ilay zaza mpandany voalaza ao amin'ny Evanjely, fantantsika anefa ny anatra nataon'ny Ray :

"Eto amiko mandrakariva ianareo ka anareo ny zavatra rehetra" izany hoe raha ao amin'ny Eglizy isika dia miombona mandrakariva amin'Andriamanitra. Izay no vaovao mahafaly amin'izao Alahady faha-24 mandavantaona izao.

Aoka ary isika hivelona an'izay famindrampon'Andriamanitra izay : hifanaja isika ary hifanome hasina ka ho feno hafaliana mandrakariva ny fiainantsika araky ny fanoharana amin'ny Evanjely io.

Nisy olona anankiray nanao an'izay "expérience" izay ka tantarainy amintsika amin'izao Alahady faha-24 izao, tsy iza izany fa i Md Paoly mitantara ny zavatra niainany amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Timote (1 Tim. 1, 12-17) : *"Dia izaho izay mpiteny ratsy fahiny, sady mpanenjika sy mpanao an-keriny; kanefa nahazo famindram-po aho, satria tsy fahalalana no nanaovako izany, noho izaho tsy mbola nanam-pinoana; fa nony nombàn'ny finoana amim-pitiavana izay ao amin'i Kristy Jesoa, dia nihoa-pampana ny fahasoavan'ny Tompontsika."*

Mihoam-pampana ny fahasoavan'Andriamanitra taminy, hoy izy, ka na dia tsy mendrika itokisana aza izy dia tao amin'i Kristy no nandray ny fahasoavan'Andriamanitra ka tonga apostoly ary dia mananatra an'i Timote izy.

Ry Kristianina havana mananatra antsika i Md Paoly hatoky an'izay famindrampon'Andriamanitra izay satria isika no be siasia, isika no mafy hatoka fa Andriamanitra kosa tsy miova amin'ny fitiavany izy ary tsy mahafoy ka vonona hikarakara hanasoa antsika. Aoka isika samy isika koa hifampikarakara, hifanasoa, hifanompo mba ho ao amin'ny hafalian'Andriamanitra isika.

Ry Kristianina havana malala, izao tokoa no andro tsara satria miatrika ny famaranana ny dingana voalohany amin'ny Sinaody isika. Sinaody izay midika miara-dia ka miroso isika ho EOV ho Eglizy Velona velomin'ny Batemy miombona satria ao anatin'ny famindrampon'Andriamanitra ka mandray an-tanana Zary Tabernakla Velona. Isika no ilay Mpanompo nasain'ilay Ray hikarakara ny zanany "very ka hita indray". Izao Sinaody izao anie hanampy antsika handray ireo tafaverina eo anivon'ny Eglizy ka hifanasoa sy hifanampy isika mba hivelona ao anatin'ny hafaliana ny mahazanaka antsika.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, amin'izao Alahady faha-24 mandavantaona izao dia mazava ny fampianaranao anay. Ray Andriamanitra, ary tsy lavitra izy fa Ray tena tsara fo, be famindram-po ary dia vonona handray anay mandrakariva. Ny fonao no mampibaribary an'izay famindrampon'Andriamanitra izay. Ianao no endriky ny famindrampon'Andriamanitra, koa enga anie izahay hahay hifandray koa, hahay handray ny namanay, hanana an'izay famindram-po izay ka hifanao soa sy hifanatsara ary indrindra hifanome hasina ka hanome izay soa ho an'ireo namanay fa indrindra ireo voahilikilika. Amin'izay dia hiadam-pinaritra ao aminao izahay ka ho feno hafaliana ny fiainanay ary handray izany hafaliana avy aminao izany izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson